

# NY VEHIVAVY SY NY ZO FANANANTANY

USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA



I - FITOVIAN-JO AMIN'NY ANKAPOBENY
Pejy 4 - 6



II - LOVA / FANDOVANA
Pejy 8 - 10




III - TOKANTRANO IMASO SY FANAMBADIANA AMIN'NY VAHINY
Pejy 12 - 13



NY DINGANA ARAHINA HAHAZOANA TITRA FANANANTANY SY KARA-TANY
Pejy 15 - 17




# I - FITOVIAN-JO AMIN'NY ANKAPOBENY


Soafilira dia vehivavy mbola mpitovo dia efa nanana tany iray vita titra tamin'ny anarany izay novidiany tamin'ny volany
Fananany manokana io tany io ary efa aman-taonany izy no namboly voanjo teo
Indray andro dia nivady izy sy Tsitolihy ka natao ara-dalàna tany amin'ny lapan'ny tanàna ny fanambadiana.
Andro vitsivitsy taty aoriana dia narary ny renin'i Soafilira.
Tsy afaka mikarakara ilay taniko matetika intsony aho fa marary i mama
Aleo fa ho raisiko daholo ny andraikitra momba io tany io raha mety aminao
Indray andro dia nisy olona nanatona an'i Tsitolihy
Mba tiako hovidiana io tany karakarainao io fa ianao no lazain'ny olona ety fa tompon-tany
Tsy izaho fa ny vadiko no tompon-tany. Aleo horesahako izy rahariva fa izy no afaka manapaka izany
Misy olona te hividy ny taninao ka maninona raha varotana fa nahita tany tsaratsara kokoa aho any
Mbola tsy tiako varotana anefa ny taniko raha tsy tena hahazoako tombony
Ny ampitso dia niverina ilay rangahy
Miala tsiny aminao aho fa mbola tsy foin'ny vadiko amidy hono ity tany ity











## Hafatra 1:

Ny fanjakana dia miantoka ny fiarovana ny zo fitompoana amin'ny fananana manokana (azo alohan'ny fanambadiana)

## Hafatra 2:


Ny mpivady dia miahy ny fitantanana ny fananany manokana, ny fisitrahana ary ny fampiasana izany ankalalahana



























## Hafatra 1:


Ny mpivady dia miara-mitantana ny fananana iombonana.


## Hafatra 2:

Ny olon-drehetra, na irery na fikambanana dia manan-jo hanana fananana. Ary tsy misy afaka manala izany fananany izany aminy.




# II - LOVA / FANDOVANA










## HAFATRA 1:


NY ZAZA TSY AMPY TAONA REHETRA DIA AFAKA MANANA TANY FA NY FITANTANANA IZANY DIA ANDRAIKITRY NY LOHAN'NY FIANAKAVIANA, IZANY HOE NY RAIM-PIANAKAVIANA.

## HAFATRA 2:

NY FANANAN'NY MPIVADY, NA NY MIFAKA NA NY TSY MIFAKA, IZAY FANANANY TALOHAN'NY DATIN'NY FANAMBADIANA [...] AMIN'NY [...] FANOMEZANA [...] DIA "FANANANA MANOKANA", NOHO IZANY, NY TANY NOLOVAIN'I FARA DIA MIJANONA HO FANANANY MANOKANA NA DIA NY VADINY AZA NO MANAMPY AMIN'NY FITANTANANA AZY IO








Afaka taona maro anefa dia narary mafy i Tsihalory ka nodimandry
Herinandro taty aoriana dia nifampiresaka ny zokin'i Tsihalory roa lahy
Fantatrao moa fa tsy namela taratasy fizaram-pananana i Tsihalory?
Afaka mandova ny fananany alohan'i Fara izany isika raha araka ny lalàna satria tsy nanan-janaka koa izy roa
Hay! Ka misy tany roa nokarakarain'izy mivady any andao takiantsika
Ny ampitso dia nanatona an'i Fara izy roa lahy
Tianay mba halaina amin'izay ny tany roa izay nokarakarain'ny zandrinay ry Fara
Ny iray amin'ireo tany ireo anie fananako manokana ka tsy afaka alainareo e
Ary aleo mba ho ahy ihany ilay tany novidianay niaraka fa ireo ihany no mba fidiram-bolako
Ka efa anjaranay anie io tany io satria izahay mbola mpandova alohanao e
Tsia, araka ny hitanareo ato amin'ity bokim-pianakavianay ity dia "zara-mira" no nosafidianay
Midika izany fa raha rava ny fanambadianay dia ny fizarana ny fanana iombonanay rehetra ho roa no laharam-pahamehana
Izany hoe manana zo mihitsy aho momba io tany io !
















## Hafatra 1:


"Ny mpivady dia miahy feno ny fananana manokana ary afaka mampiasa izany an-kalalahana", ka na i Tsihalory aza no niandraikitra ny fitantanana ny tanin'i Fara, dia tsy manana zo momba an'io tany io ny rahalahiny.


## Hafatra 2:

Ny andaniny dia afaka mifanaraka amin' iray amin'ireo mpivady mba handray ny anjarany amin'ny fananan'ny mpivady amin'ny alalan'ny fisandana izany ho vola. Amin'ity tranga ity, ny fanombanana ny vola dia hialohavana tombana ho famaritana ny entana tokony zaraina, ary izany dia ampiarahana amin'ny fifanarahana azo antoka sy voamarina



# III - TOKANTRANO IMASO SY FANAMBADIANA AMIN'NY VAHINY


I TOMBOVAVY JOSIANE SY I MOSA MAROLONGO DIA NIARAKA NIPETRAKA EFA AN-TAONANY MARO FA MBOLA TSY NANAN-KEVITRA NY HIVADY ARA-DALÀNA IZY IREO
AHOANA NY HEVITRAO RAHA HANOMBOKA FAMBOLENA LAVANILA ISIKA RY JOSIANE?
HEVITRA TSARA IZANY. ALEO HATAMBATRA ARY NY VOLANTSIKA HIVIDIANANA TANY
DIA LASA NANATONA SAMPANDRAHARAHA MISAHANA NY FANANANTANY I MOSA NAMETRAKA FANGATAHANA
TITRA TANY
KA REHEFA VITA NY DINGANA REHETRA DIA AZONY NY TITRA IZAY NISORATRA TAMIN'NY ANARANY
REHEFA VOAVIDY NY TANY DIA NOKARAKARAIN'I JOSIANE TSARA IZANY
NANAMPY TAMIN'NY VOLANY MANOKANA MIHITSY AZA IZY HANOMEZANA KARAMA NY MPIASA
FOTOANA FOHY TATY AORIANA ANEFA DIA TSY NIFANARAKA INTSONY IZY ROA
ALEO ISIKA HISARAKA FA TSY METY INTSONY NY FIARAHANTSIKA
ENY ARY FA ALAIKO HO AHY IRERY IZANY ILAY TANY NOVIDIANTSIKA SATRIA MISORATRA AMIN'NY ANARAKO ILAY IZY
FA AHOANA MOA? IZAHO ANIE NIKARAKARA BE AN'IO TANY IO KOA E
ANDAO ARY HO ENTINTSIKA ENY AMIN'NY TRIBONALY ITY RAHARAHA ITY
TANY AMIN'NY TRIBONALY
IZAHO TOMPOKO NO TOMPON'IO TANY IO ARY ITY TARATASY IZAY MISORATRA AMIN'NY ANARAKO ITY NO POROFO
TITRA TANY
ARY MANANA POROFO VE IANAO TOMBOVAVY JOSIANE FA NANOME VOLA TOKOA HAHAZOANA SY HIKARAKARANA ILAY TANY?
TSIA TOMPOKO KANEFA AHO DIA NANAMPY VOLA MIHITSY AZA




## Hafatra :

Tsy tokony hisy fifamatorana misy eo amin'ireo mpivady tsy vita soratra, noho izany, tsy afaka hisy fananana iombonana eo amin'izy ireo. Zava-dehibe ny fanaovana ho ara-dalàna ny fanambadiana eo amin'ny mpivady izay manapa-kevitra ny hipetraka sy hiara-hiasa mba hisorohana ny fahaverezan-jo amin'ny iray amin'izy ireo, satria mila manaporofo izany amin'ny fomba mahomby izy ireo amin'ny fananany.


















## Hafatra :


Na mahazo ka mizaka zom-pirenena iray hafa aza ny vehivavy dia manana zo hitana ny zom-pirenena maha Malagasy izy mba hahafahany misitraka ny zony rehetra amin'ny fananany eto Madagasikara



# NY DINGANA ARAHINA HAHAZOANA TITRA FANANANTANY SY KARA-TANY


MIVIDY TARATASY FANGATAHANA ENY AMIN'NY "IMPRIMERIE NATIONALE" ARY MAMENO IZANY
TARATASY FANGATAHANA
MAMPANAO SARIN-TANY AMIN'NY MPANDREFY TANY MATIHANINA
GEOMETRE TOPOGRAPHE
MPANDREFY TANY MATIHANINA
NA MAKA IZANY ANY AMIN'NY SAMPANDRAHARAHA MISAHANA NY FANDREFESAN-TANY RAHA EFA VITA TITRA ILAY TANY
TOPOGRAPHIE
SAMPANDRAHARAHA MISAHANA NY FANDREFESAN-TANY
RAHA HAMPANAOVINA ILAY MPANDREFY TANY MATIHANINA NY SARIN-TANY DIA MILA MANAO TARATASY FIANTSOANA:
HO AN'NY BEN'NY TANÀNA
HO AN'NY SOLON- TENA AO AMIN'NY FOKONTANY
ARY HO AN'IREO TOMPONTANY MPIFANILA AMIN'ILAY TANY
IZAY MANATRI-MASO NY ASA TANTERAHINA ENY AN-TOERANA ARY AFAKA MANAO FANOHANANA RAHA MISY NY TSY METY
HAPETRAKA ANY AMIN'NY SAMPANDRAHARAHA MISAHANA NY FANANANTANY NY TARATASY FANGATAHANA SY NY SARIN-TANY.
DOMAINES
SAMPANDRAHARAHA MISAHANA NY FANANANTANY
ROSIA
ALOA NY SARAM-PANGATAHANA IZAY TSY MAINTSY HANDRAISANA ROSIA ARA-DALÀNA
MIDINA NY VAOMIERA AN-TOERANA HIJERY NY TOETRY NY TANY SY NY ZAVA-MISY EO AMINY
MANDEFA NY ANTOTAN- TARATASY ANY AMIN'NY SAMPAN-DRAHARAHA TEKNIKA HAKANA NY HEVINY


RAHA NISY NY FANITSIANA SY NY FANAMARIHANA DIA MISY INDRAY NY FITILIANA SY FIKAJIANA NY REFIN'NY TANY AZO AMIDY
MANAPA-KEVITRA NY MANAMPAHEFANA MAHEFA MOMBA NY VIDIN'NY TANY SY NY FOMBA HANOMEZANA AZY
ATAO NY TSATO-BATO SY NY FANAVAHANA NY TANY AMIN'NY ANARAN'NY FANJAKANA MALAGASY ALOHA
ALOA NY VIDIN'NY TANY
ARY MANAO SONIA NY TARATASY FIFAMPIVAROTANA NY MPANGATAKA SY NY SOLONTENAM-PANJAKANA
MANDOA NY SARA ENY ANIVON'NY SAMPAN- DRAHARAHAN'NY HETRA
HETRA
MANORATRA NY ZO AMIN'NY BOKIN-TANY
FARANY DIA AFAKA MANDRAY NY TITRA NY MPANGATAKA
TITRA


MAMETRAKA FANGATAHANA ENY ANIVON'NY BIRAO IFOTON'NY FANANAN-TANY
BIF
BIRAO IFOTON'NY FANANAN-TANY
MAMPAHAFANTATRA NY FANGATAHANA AMIN'NY ALALAN'NY PETA-DRINDRINA MANDRITRA NY 15 ANDRO
CFP
FANGATAHANA KARATANY
MIANTSO NY VOAKASIKA HANATRIKA FITSIRIHINA IFOTONY
FANATANTERAHANA NY FITSIRIHINA IFOTONY MIARAKA AMIN'IREO VOAKASIKA IZAY HIJERENA NY MOMBA NY TANY
BEN'NY TANÀNA
LEHIBEN'NY FOKONTANY
RAY AMAN-DRENY VOAFIDY
MISY NY FANDRAISANA FANOHANANA MANDRITRA NY FITSIRIHANA NA ENY ANIVON'NY BIRAO IFOTON'NY FANANAN-TANY
FANOHANANA
15 ANDRO
FITSIRIHANA
15 ANDRO
NY FANDRAISANA NY FANOHANANA DIA 15 ANDRO AO ALOHAN'NY FITSIRIHANA, MANDRITRA NY FITSIRIHANA ARY 15 ANDRO AORIAN'NY FITSIRIHANA.
SONIAVIN'NY BEN'NY TANÀNA NY KARATANY
FARANY DIA AFAKA MANDRAY NY KARATANY NY MPANGATAKA
KARA-TANY

Aiza no aleha raha hangataka titra fananantany ?

Eny amin'ny Sampandraharaha misahana ny fananantany (DOMAINES)

Inona avy ireo tany azo angatahana titra fananantany ?

Ny tanim-panjakana azo amidy, izany hoe ireo tany misoratra amin'ny Fanjakana, na ireo tany lava volo mipetra-potsiny tsy misy mampiasa.

Aiza no aleha raha hangataka kara-tany ?

Eny amin'ny Birao ifoton'ny fananantany (BIF)

Inona avy ireo tany azo angatahana kara-tany ?

Ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra, izany hoe ireo tany efa nampiasaina sy nohajariana fa tsy mbola vita titra na vita borna.